**FIARANA BEN'NY TANÀNA NISY NAMAKY**

# Lasa ny vola 1 tapitrisa Ar sy 100 euros

Miseho lany ny tsy fandriampahalemana any Toamasina faritra Atsinanana. Fiarana ben'ny tanàna nisy namaky tany an-toerana, lasa tamin'izany ny volany 1 tapitrisa Ar sy vola vahiny 100 euros.
Zava-nitranga afak'omaly tany Toamasina: fiara nentin'ny ben'ny tanànan'i Sambava faritra Sava nipetraka amoron-dalana, no nisy namaky ny fitaratra aoriana. Very tamin'izany ny vola 1000 000 Ar sy vola 100 euros ary ireo antontan-taratasy maro samihafa nipetraka tao anaty fiara . Rehefa azony izay nalainy dia nandositra tamin'ny tuc tuc ilay lehilahy . Tsy niandry ela ny Polisy nitady ilay tuc tuc. Tratra ilay lehilahy ary rehefa natao ny famotorana azy dia tsy hita tany aminy intsony ilay vola . Nolazainy kosa anefa ireo olona nandray ireo vola, ka niroso tamin'ny fisamborana ireo roalahy nanafina ilay vola ny Polisy . Tafaverina tany amin'ny ben'ny tanàna ihany ny vola 100 euros.




*Ireo mpiray tsikombakomba tamin'ny famakiana fiarana ben'ny tanàna tany Toamasina.*

**Niaina**

Lalaon'ny Nosy 2023

# Malahelo sy ketraka ny mpikarakara sy athletan'ny taranja voailika

Lalaon'ny Nosy 2023, malahelo sy ketraka tanteraka amin'izao fotoana ny mpikarakara sy ny athletan'ny taranja izay voailika. Efa nanomantena fatratra izy ireo, lany vola, lany fotoana, lany hery sy tanjaka ihany koa, … nefa dia tsy isan'ny handray anjara amin'izany Lalaon'ny Nosy voalaza fa hatao eto amintsika izany. Anisan'ireo ketraka satria anisan'ireo voailika ny taranja kick-boxing sy taekwondo. Taorian'ny fanapahan-kevitry ny komity mpikarakara ny JIOI （Jeux des Iles de l'Ocean Indien） dia maro ny fanakianana avy amin'ny vahoaka. Rehefa navoaka tamin'ny zoma 19 mey 2023 lasa teo ihany koa ny sary famantarana sy hira faneva dia vao mainka niha-mafy izany fanakianana isankarazany izany, noho ny kitoatoa ataon'ny fitondrana sy ny mpikarakara. Hatreto, mbola voatazona ny daty sy toerana hanaovana azy dia amin'ny tapaky ny volana Aogositra ka hatramin'ny fiandohan'ny volana Septambra 2023 ho avy izao ary ao Antananarivo irery ihany no voalaza fa hilalaovana. Naniry ny hiakaran'ny taranja hatramin'ny 23 ny athleta Malagasy nefa 17 ihany no tapaka.
Asa very maina arak'izany ny fanomanana, ny vola lany ary ny fivoriana efa nataon'ireo mpikatroka rehetra amin'ireo taranja izay tsy hatao ireo.



**Lita**

Trophée du Jeune Entrepreneur 2022

# Rarivo Ravoatra sy Andriambololona Ranto no nahazo ny amboara



*Ny fanolorana ny amboara tamin'ny TJE 2022.*

Nahazo ny amboara tamin'ny fifaninanana Trophée du Jeune Entrepreneur (TJE) START UP taona 2022 i Rarivo Ravoatra, avy amin'ny orinasa « Honey of Madagascar », misehatra amin'ny fanangonana, fanodinana ary fanondranana Tantely.
Andriambololona Ranto kosa no nahazo izany teo amin'ny TJE CROISSANCE+. Izy indray dia avy amin'ny orinasa « HaiRun Technology », izay misehatra amin'ny fanaovan-draharaha nomerika.
Notanterahina nandritra ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny Foire Internationale de Madagascar (FIM) andiany faha-17 ny herinandro lasa teo, teny amin'ny Forello Tanjombato ny fanolorana ny amboara ho an'ireo mendrika indrindra tamin'ny fifaninanana Trophée du Jeune Entrepreneur (TJE) taona 2022, izay karakarain'ny banky BNI Madagascar.
Niara-niasa tamin'ny BNI Madagascar sy ny fifaninanana TJE, anatin'izay fisafidianana izay ho mpandraharaha mendrika indrindra ny ministeran'ny Indostria.

**Aly**

« Croisade » Jesosy manasitrana

# Fiangonana miisa 100 hiara-hamonjy fanahin'olona eto an-drenivohitra

Hiara-hientana sy hifanome hifanome tanana amin'ny fanatanterahana an'ilay hetsika Jesosy manasitrana izay hatao etsy amin'ny Kianjan'ny Makis Andohatapenaka, hanomboka ny Alatsinaony 05 Jona 2023 ka hatramin'ny Zoma 09 Jona 2023 ho avy izao, ireo fiangonana rehetra eto Madagasikara. Hetsika ara-panahy izay hotarihan'ny Evanjelista Dag HEWARD Mills, Filoha mpanorina ivon-toerana fiofanana Baiboly malaza manerana an'izao tontolo izao, ka ny famonjena ny fanahy sy ny fanasitranana ny fahotan'ny firenena no tanjona. Hisy ihany koa ny fanofanana ny Mpitandrina amin'ny firenena izay tsidihan'ny Misionera Dag Heward Mills, ka ho hita mandritra ny fampianarana ny fomba fananganana fiangonana matanjaka, ny fomba hahazoana mpino mamokatra eny anivon'ny fiangonana; ny paikady hisorohana ny mpino tsy hizarazarana hivakivaky; ny fomba fitondrana ny fiangonana mba hisy fiantraikany eny anivon'ny fiarahamonina… Ho hita mandritra ny "Croisade" Jesosy manasitrana ny tolotra amin'ny sarany mora momba ireo boky ara-pilazantsara mihoatra ny 100, izay efa navoakan'ny Evanjelisitra Dag Heward Mills ary efa voatonta manerana an'izao tontolo izao amin'ny dikan-tenin'ny firenena miisa 40 ireo boky ireo. Tsiahivina fa miaramiasa amin'ny olona miisa 8000 ity Evanjelisitra ity amin'ny fanatanterahana ny hetsika Jesosy fanasitranana ary tsy natao ambanin-javatra ny fanamorana ny fitaterana ho an'ny vahoakan'Andriamanitra, mba hahafahan'ireto farany mivezivezy amin'ny fanotronana ny hetsika eny amin'ny kianjan'ny Makis Andohatapenaka mandritra ny 5 andro misesy.

**Franck Razakambelo**




4 andro mialohan'ny Pentekôty

# Manonga ny vidin'ny atody

4 andro mialohan'ny Pentekôty, na ny nilatsahan'ny Fanahy Masina tamin'ireo Apostoly, manonga ny vidin'ny atody eto Antananarivco sy ny manodidina amin'izao fotoana. Tafakatra hatramin'ny 700 Ar ankehitriny izany vidin'ny atody izany, raha 400 ka hatramin'ny 500 Ar eo teo aloha teo. Noho izay antony izay, hatairana no nahitan' ny mpividy atody amin'ny fiakaram-bidy hitany raha ny eto Antananarivo tamin'ity voalohan' ny herinandro ity. Tafakatra 700Ar ny vidin'ny iray lehibebe amin' ny toeram-pivarotana sasany, raha 650Ar ny kelikely. Maro no mila atody amin'ny ankatoky ny andro fety toy izao, hanaovana sakafo isan-karazany, ben y tinady, mahatonga io fisongan'ny vidiny io.

**Aly**



*Mitombo ny filana atody amin'ny ankatoky ny fety toy izao.*